Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

25 mars 2021 (Past Zaranaina ANDRIALAMPISON)

Mpitandrina: Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Hira: 4 FF and 1,2 *"Ry Fanahy ô! midina"*

Vavaka (Mpitandrina)

Lohahevitra: Manohy ny Bokin'ny mpaminany Mika isika, ry havana, ka anio dia ny toko faha-5 no anjarantsika. Banjinina manokana amin'izany ny hoe: *"Naissance et règne du Messie".*

Vakiteny 1: Mika 5, 1-4a

"1 Fa hianao, ry Betlehema Efrata, Izay kely tsy tokony ho isan' ny arivon' i Joda akory, Dia avy ao aminao no hivoahan' Izay anankiray ho Mpanapaka ho Ahy ao amin' ny Isiraely; Hatry ny fahagola no efa nivoahany, dia hatrizay hatrizay. 2 Koa dia hatolony ireny, Ambara-pihavin' ny fotoana hiterahan' izay anankiray hiteraka; Ary izay sisa amin' ny rahalahiny dia hiverina mbamin' ny Zanak' Isiraely.3 Ary hitsangana Izy hiandry ny ondriny amin' ny herin' i Jehovah. Sy amin' ny voninahitry ny anaran' i Jehovah Andriamaniny, Ka handry fahizay ireny, Fa izao dia ho lehibe hatrany amin' ny faran' ny tany Izy. 4 Ary Izy no ho fiadanana"

Fanazavana fohy

Hira: 4 FF and 3 *"Ry Fanahy ô! meteza"*

Vavaka:

→Fisaorana ny Tompo noho ny fotoana izay omeny antsika hahazoantsika miara-mivavaka sy mandre ny Tenin'Andriamanitra.

→Fisaorana an'i Kristy fa ao Aminy no hahazoantsika famonjena sy hananantsika fiadanana.

→Ho an'ny mino sy ny Fiangonana manerana ny tany mba hahery amin'ny fitoriana sy fampanjakana ny fiadanana avy amin'i Kristy.

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 2: Mika 5, 4b-8

« Raha tonga eto amin' ny tanin-tsika ny Asyriana Ka miditra ao amin' ny tranobentsika, Dia hanangana mpiandry ondry fito sy mpanapaka valo hisakana azy isika.5 Ary handany ny tany Asyria amin' ny sabatra Sy ny tanin' i Nimroda ao an-tanànany ireo; Ary Izy hamonjy amin' ny Asyriana, Raha tonga amin' ny tanintsika sady manitsaka ato amin' ny fari-tanintsika ireny.6 Ary izay sisa amin' i Jakoba ao amin' ny firenena maro Dia ho tahaka ny ando avy amin' i Jehovah, Sy tahaka ny ranonorana eny amin' ny ahitra, Izay tsy manantena mpaniraka, Na miandry zanak' olombelona.7 Ary izay sisa amin' i Jakoba ao amin' ny jentilisa, Ao amin' ny firenena maro, Dia ho tahaka ny liona amin' ny biby any an' ala, Sy ho tahaka ny liona tanora ao amin' ny andian' ny ondry aman' osy: Raha mamaky eo izy, dia manitsakitsaka sy mamiravira, ka tsy misy mahavonjy. 8 Aoka haingaina amin' ny rafilahinao ny tananao, Ary aoka ho ringana ny fahavalonao rehetra."

Fanazavana fohy

Hira: 550 FFPM and 1,2 *"Ry Tompo ô, ny tany maina no itoerako"*

Vavaka:

→Ho an’ny firenena rehetra manerana ny tany mba handray an’i Jesosy Kristy ho Tompo sy Mpamonjy azy.

→Ho an’ireo lavitra an’Andriamanitra – ho an’ireo mania

→Ho an’ny tsy salama sy ny mana-manjo

Vavaka (Mpitandrina)

Vakiteny 3: Mika 5, 9-14

“9 Ary amin’ izany andro izany, hoy Jehovah, Dia haringako tsy ho eo aminao intsony ny soavalinao, Ary hofonganiko ny kalesinao,10 Hofoanako ny tanàna amin’ ny taninao, Ary harodako ny tanànanao mimanda rehetra;11 Hofoanako tsy hisy amin’ ny tananao ny fankatovanao, Ary tsy hanana mpanandro intsony hianao.12 Hofoanako tsy hisy aminao koa ny sampinao voasokitra Sy ny tsangam-baton-tsampinao; Ary tsy hiankohoka eo anatrehan’ ny asan’ ny tananao intsony hianao.13 Hongotako tsy ho eo aminao ny Aserahanao; Ary horavako koa ny tanànanao.14 Ary ny fahatezerana sy ny fahavinirana no hamaliako ny firenena izay tsy mihaino.”

Fanazavana fohy

Hira: 550 FFPM and 3,4 *“Ny afonao ampandreseo ny afo-nofoko”*

Vavaka:

→Fifonana sy fanavaozana ny fanoloran-tena ho an’ny Tompo.

→Ho an’ny tokan-trano tsirairay mba hanjakan’ny fiadanana avy amin’i Kristy

→Ho an’ireo mijaly sy ory amin’izao fiainana izao; ho an’ireo tsy mahita hosarangotina; ho an’ny tsy an’asa; ho an’ny mitoetra irery sns.

→Hetaheta manokana

Vavaka (Mpitandrina) + *« Rainay izay any an-danitra… »*

Hafatra:

“Koa amin’izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon’Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak’Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary aza manaraka ny fanaon’izao tontolo izao; fa miovà amin’ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon’ Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.” (Rom 12, 1-2)

Tsodrano:

« Hitahy anao anie ny Tompo ka hiaro anareo;

Hampamirapiratra ny tavany aminao anie ny Tompo ka hamindra fo aminareo;

Hanandratra ny tavany aminao anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana.” Amena. (Nom 6, 24-26)

Mpitarika: Voninahitra ho an’Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin’ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Mandehana amin’ny fiadanan’ny Tompo. Amena.